n° 45

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

Desambra 2019

## NY TANORA SY NY FIOMPIANA TRONDRO



**Vakinankaratra**

### « Miara-dàlana ny fianarako sy ny fiompiako » (P. 3-4)

**Matsiatra Ambony**

### Miezaka ho matihanina raha vao vita fianarana (P. 6)

**Itasy**

## Mampandroso ny fiompiana trondro mba hanohanany ny ray aman-dreniny (P. 4-5)

# SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Faly mifandray aminareo amin'ny alalan'ity laharan'ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro » faha 45 ity indray izahay.

Ao anatin'ity laharana vaovao ity no hiresahanay aminareo ny momba ny tanora sy ny fiompiana. Maro ankehitriny ireo tanora liana amin'ny fiompiana trondro, ny vola mety hiditra amin'ny fampiharana izany no tena mahasarika azy ireo.

Hatolotray anareo mialoha ny tantaran'ny tanora iray mpiompy trondro avy ao Amoron'i Mania izay mitantana ny famokaran'ny ray aman-dreniny mba hahafahany mamatsy vola ny fianarany.

Tanora iray avy ao Vakinankaratra aorian'izay no nohadihadianay mikasika ny fomba fampiarahany ny fiompiana amin'ny fianarana sy ny tombontsoa azony.

Ao Itasy, hohitantsika ny fomba namahàn'ny tanora mpiompy trondro iray ny olana momba ny fananan-tany niainany teo am-panombohana.

Aorian'izay, tanora iray avy ao amin'ny faritra Atsinanana no hitantara ny dingana narahiny mba hananany fahaleovan-tena ara-bola tamin'ny alalan'ny fiompiana trondro ihany koa.

Any am-pamaranana dia ny momba ny tanora mpiompy trondro iray avy ao Matsiatra Ambony no hahafantarantsika ny ezaka tokony hatao raha te ho matihanina amin'ny fiompiana.

Manantena izahay manoloana ireo fijoroana vavolombelona ireo fa hampirisika tanora maro hirotsaka amin'ny fiompiana trondro ny famakiana ity laharana ity !

Mirary fahafinaretana ho anareo eo am-pamakiana ny gazety.

**Ny ekipan'ny FMT**

# INONA NO VAOVAO ?

### Matsiatra Ambony

## Tetikasa vaovao hampiroboroboana ny làlam-pihariana karpa an-tanimbary sy an-dobo

Ny atrikasa mikasika ny rojom-pihariana trondro, nokarakarain'ny APDRA tamin'ny septambra 2018, dia nahavory mpisehatra maro karazana : tantsaha anaty vondrona rejionaly dia ny VONISAHI (VOndrona NIray SAfidy HIavotra), Fitarikandro, MVPT (Mpamboly Vary sy mPiompy Trondro), APPAFI (Fikambanan'ny tantsaha mpiompy trondro ao Fianarantsoa), FIMPIAMA (FIkambanan'ny MPIompy Ato Matsiatra Ambony), tantsaha mahaleo tena, teknisianina tohanan'ny DRAEP (Sampandraharaham-paritry ny fambolena sy fiompiana ary ny jono) sy ny APDRA (PADM Composante A), mpamatsy vola, mpandraharaha ara-toekarena, mpivarotra, sns. Taorian'io fihaonana io, volana jolay 2019, no tafapetraka ny tetikasa iray hoenti-mampiroborobo ny làlam-pihariana trondro ka haharitra 36 volana (2019-2022).

Ny fikambanana APPAFI no mitantana ny tetikasa, ny FDA sy ny AFDI kosa no mamatsy vola, raha ny DRAEP sy ny APDRA no manohana ara-teknika. Tanjona ny hamahàna ireo olana nivoitra nandritra ny atrikasa : fahasarotan'ny fahazoana zanatrondro ; tsy fahampian'ny teknisianina mpanohana ; fahasarotan'ny fitantanana ny famokarana, ny rano ary ny famarotana ; halatra trondro ; tsy fahaizana ny lalàna mifehy ny fiompiana trondro.

Eo am-panombohan'ny tetikasa dia tokantrano miisa 1 892, mpikambana amin'ny vondrona fototra 166, miparitaka amin'ny kaominina ambanivohitra 61 ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony, no mpisitraka mivantana.

Anisan'ny paikady hampiharina amin'izany ohatra ny fampitomboana isa ny mpamokatra zanatrondro, ny fiaraha-miasa amin'ny fikambanana hafa, ny fametrahana toby famatsiana akora sy fitaovana ilaina amin'ny fiompiana trondro, ny fanamafisana ny fiainam-pikambanana sy ny fahaiza-manaon'ny mpitarika ary indrindra ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny lohasahan-driaka.

Taorian'ny fanombohan'ny tetikasa ara-pomba ofisialy dia efa nisy ny fanamafisana ny fahaizan'ireo teknisianina eny anivon'ny vondrona fototra tsirairay, mba hahafahan'izy ireo manampy ireo tantsaha avy hatrany.

***Ramampy Jean Roger***
***Mpandrindra ny Contrat Programme Filière***




*Fampiofanana nampanaovin'ny APDRA ireo teknisianin'ny vondrona mpiompy trondro eo anivon'ny faritra*

# LOHAHEVITRA : Ny tanora sy ny fiompiana trondro

### Amoron'i Mania

## Tanora mpiompy trondro iray mamatsy vola ny fianarany

*Razafiniaina Andrianambinina, antsoina hoe « Mbinina », 18 taona, dia monina ao Ilanjana, kaominina Ilanjana, distrikan'i Manandriana. Kilasy faha-3 ao amin'ny kaolejy izy ary vola ampidirin'ny fiompiana trondro no andoavany ny saram-pianarany.*

« Tamin'ny 2005 no nanomboka niompy trondro, karpa sy marakely, ny ray aman-dreniko. Voalohany tamiko anefa ny fampiofanana momba ny fiompiana trondro an-tanimbary, nataon'ny APDRA tao amin'ny sekolinay tamin'ny 2016-2017 ary nanamafy ny fitiavako ny fiompiana trondro. Ny fahasahiranan'ny ray aman-dreniko tamin'ny fandoavana ny saram-pampianarana ahy no naharesy lahatra sy nanosika ahy hiompy trondro. »




*Avy naka zanatrondro i Mbinina*

**Mandray an-tànana ny fitantanana**

« Tsy manana traikefa betsaka amin'ny fiompiana trondro ny ray aman-dreniko, na dia efa niompy trondro aza. Nangataka tamin'izy ireo aho mba hamela ahy handray ny fitantanana ny fanatavizana trondro. Voatery nandresy lahatra azy ireo aho tany am-boalohany satria tsy navelany : tsy tian'izy ireo ho variana aho ka tsy hifantoka amin'ny fianarako. Ankehitriny, ankoatra ny fanatavizana, nianarako koa ny famokarana zanatrondro.

Nivoatra tsikelikely ny vokatry ny fiompiana nataoko. Zanatrondro miisa 350 monja no azoko tamin'ny 2017-2018, niakatra ho 3 500 ny zanatrondro tamin'ny taom-pamokarana 2018-2019. Raha ny trondro vaventy indray dia nahatratra 100 kilao eo ho eo ny vokatra azoko isan-taona. Ho an'ny taom-pamokarana 2019-2020, zanatrondro hatramin'ny 5 000 no antenaiko ho azo. »

**Manamaivana ny fahasahiranana ara-bola**

« Hamatsiako vola ny fianarako no tena antony iompiako trondro. Andoavako ny « saram-pianarako » isan-taona izay mitentina 20 000 Ar aloha ny vola vidin'ny trondroko, tsy hadino ny saram-panafisana lesona (taranja efatra) mitentina 40 000 Ar mandritra ny dimy volana. Ankoatra izay, izaho no mividy ny fitaovam-pianarako, ny kitapoko sy ny akanjoko. Misy ampaham-bola ampiasain'ny fianakaviana ihany koa, toy ny fandoavana ny saran'ny fanetsana na ny fanarenana ny tafon'ny tranonay. Raha fintinina dia manampy ny fianakaviako amin'ny fanamaivanana ny fahasahiranana ara-bola ny fiompiana trondro. »

### Vakinankaratra

## « Miara-dàlana ny fianarako sy ny fiompiako »

*Rado Miandrisoa Havani, antsoina hoe « Miandry », tanora mpiompy trondro 16 taona, avy ao Ambalamahazina, kaominina Ambohimasina, distrikan'i Betafo, no nanaovanay fanadihadiana. Noho ny fianarany dia voatery nipetraka ao Ambony Atsinanana, kaominina Inanantonana, izy sy ny fianakaviany.*

**FMT : Azonao tantaraina anay ve ny nanombohanao niompy trondro ?**

**Miandry :** Nampanao fiofanana momba ny fiompiana trondro tao an-tsekolinay ny APDRA tamin'ny 2016-2017, kilasy faha 6 aho tamin'izay. Taorian'ny adina sy ny fanentanana nataon'ny mpanentana sy ireo mpanabe anay dia azoko ny loka voalohany.

Nanampy ahy betsaka tamin'ny fampiharana ny fiompiana trondro ny famakiana ilay tantara an-tsary ahitana an'i Bema sy Fanja. Nanampy ahy tamin'ny fanatanterahana ny dingana rehetra ihany koa ny raiko. Tamin'izany no nanomezany ahy tany tokony ho 20 ara ahafahako mamaly ireo fepetra takian'ny fiompiana. Izy ihany koa no nividy ny zanatrondro. Farany, nanampy ahy tamin'ny fanaovana ny asa fanajariana ny tanimbary niaraka tamin'ny zandriko lahy izy.

**FMT : Ahoana ny fandrindranao ny fiompiana ataonao sy ny fianaranao ?**

**Miandry :** Miara-dàlana ny fianarako sy ny fiompiako. Tany am-boalohany, isaky ny roa andro no itsidihako ny toeram-piompiako ao Ambalamahazina. Nanampy be ahy tamin'ny fitantanana ny fotoana ny fampiasako bisikileta. Aorian'ny firavàna atoandro no itaterako ny fanamasahana

## LOHAHEVITRA : Ny tanora sy ny fiompiana trondro

efa voaomana mialoha tany an-trano. Amin'io fotoana io koa no ikarakarako (fikojakojana ny tanimbary, famahanana sy fanamasahana) ny trondroko.

**FMT : Nisy olana nosedrainao ve nandritra ny fotoam-pamokarana ?**

**Miandry :** Eny, mikasika ny fanajariana. Tsapako fa sarotra ny fametrahana dobo fierena tany am-boalohany. Tsy maintsy natao anefa izany asa izany satria ny dobo fierena no miantoka ny fiarovana ny trondroko amin'ny halatra.

Talohan'ny fahataperan'ny fotoam-pamokarana dia efa afaka nihinana trondro matetika ny fianakaviako. Zanatrondro miisa 120 monja no nampidiriko tamin'ny volana novambra ka nahazoanay nihinana ampaham-bokatra – trondro 34 milanja 8, 5 kg – nandritra ny fetin'ny paka. Tamin'ny volana jona, nampiakatra trondro 33 kg izay nohanina sy nozaraina tamin'ny havana izahay.

**FMT : Inona avy ireo tombontsoa sy fiovana tsikaritrao taorian'ny fampiharanao ny fiompiana trondro ?**

**Miandry :** Fihatsaràn'ny fandrindrana ny fiainako amin'ny andavanandro, io no fiovana tena hitako rehefa nampihatra ny fiompiana trondro aho. Ankoatra izay, mikasika ny vokabary, hitako fa nitombo iray kitapo izany miohatra amin'ny teo aloha, na dia teo aza ny fametrahana dobo fierena. Fa nanjary nitombo koa ny olona mahafantatra ahy hatramin'ny nampiharako ny asa fanatavizana trondro ! (tsiky kely)

**FMT : Manana tetikasa hafa ve ianao ?**

**Miandry :** Efa noresahiko an'i dada sy neny ny fikasako hanajary ny tanimbarinay aty Inanantonana, mba hahafahako miompy trondro ary nankatoavin'izy ireo izany. Handoavako ny ampahany maro amin'ny fandaniana ilaina amin'ny fanohizana ny fianarako ny vola. Amin'izay aho mba tsy hiankin-doha be loatra amin'ireo ray aman-dreniko.

**FMT : Manana hafatra ho an'ny tanora hafa ve ianao ?**

**Miandry :** Mampirisika ny tanora mitovy amiko aho mba hampihatra ny fiofanana momba ny fambolem-bary sy fiompiana trondro an-tanimbary narahina tany an-tsekoly. Tsy sarotra izany sady ahazoantsika sakafo sy vola.




*Manomana ny fanamasahana ny dobony i Miandry*

### Itasy

# Mampandroso ny fiompiana trondro mba hanohanany ny ray aman-dreniny

*23 taona Randrianarivony Tojoniriana Séchel, antsoina hoe « Tojo », ary monina ao Marovotry, kaominina Ambatomanjaka. Raha vao nanomboka niompy trondro izy dia tsy navelan'ny ray aman-dreniny hanatanteraka ny fanajariana ilaina. Voavahany io olana io sady nitariny ny famokarany.*

Tsy mianatra intsony i Tojo ankehitriny saingy isan'ireo tanora nisitraka ny fampiofanana an-tsekoly momba ny fanatavizana trondro, nokarakarain'ny APDRA Itasy tamin'ny taona 2016. Tamin'io taona io ihany, nangataka izy ka nofanin'ny teknisianina tamin'ny famokarana zanatrondro.

**Sarotra ny fanombohana**

Nanomboka namokatra zanatrondro tamin'ny alalan'ny raitrondro efatra sy renitrondro roa izy tamin'ny taona 2017. Tahaka ny ankamaroan'ny tanora eny ambanivolo, tanindray aman-dreniny no nanombohany niasa ka niteraka olana satria tsy namela azy hanao fanajariana ny ray aman-dreniny. Tsy afaka nametraka dobo fierena na nampiakatra tahalaka izy vokatr'izany. Tsy nahazo zanatrondro i Tojo nandritra io fotoam-pamokarana io, vokatry ny tsy fisian'ny fanajariana sy ny tsy fahafehezana ny teknika. Nahazoany trondro vaventy 10 kg ihany anefa ny zanatrondro novidiany teo amin'ny manodidina. Namidiny ny ankamaroan'ireo trondro ireo.

**Vokatra maharesy lahatra**

Taorian'io famokarana voalohany io, resy lahatra tamin'ny filàna fanajariana tanimbary ny ray aman-drenin'i Tojo. Ny taom-pamokarana manaraka, navelan'izy ireo hotanterahana ny dobo fierena sy ny tahalaka. Vokatr'izany, nahavokatra zanatrondro miisa 2 400 tamin'ny velaran-tany mirefy 4 ara, tamin'ny alalan'ny renitrondro 2 i Tojo. Namidiny ny 2 200 ary nohataviziny ny 200. Voafetra anefa ny trondro vaventy vokatra ary tsy nihoatra ny 10 kg izany noho ny tondradrano avy amin'ny tsy fisian'ny lakan-drano eny an-dohan'ny tanimbary.

# LOHAHEVITRA : Ny tanora sy ny fiompiana trondro

### Fanitarana ny fiompiana

Naharesy lahatra an'i Tojo ny tombontsoa azony tamin'ny fivarotana ny vokatra azony. Raisiny ho fidiram-bola azo antoka ny fiompiana trondro raha voajary tsara ny toeram-piompiana. Tamin'ny taom-pamokarana 2018-2019, tapa-kevitra izy ka nanofa tany mirefy 7 ara tamin'ny alalan'ny vola voatahiriny, hahafahany mampitombo ny zanatrondro vokariny sy mamaly ny filàn'ny mpanjifany. Notanterahiny daholo ny fanajariana rehetra, araka ny teknika nianarana, ary izany no tena nampiakatra ny vokatra azony : zanatrondro 6 000 sy trondro noatavizina 30 kg.




*Manomana ny fampanatodizana i Tojo*




*Karpa novokarin'i Tojo*

Nahazoany vola sy nahafahany nandray anjara tamin'ny fandoavana ireo adidy isan-karazany eo anivon'ny fianakaviana (fampianarana ireo rahalahiny) sy ny fiangonana ny fivarotany ny trondrony.

Amin'ny fotoam-pamokarana ho avy, fanirian'i Tojo ny hamokatra zanatrondro mihoatra ny 12 000 sy trondro vaventy hatramin'ny 50 kg. Hoy izy : « Asa mahavelona ary mamaha ny fahasahiranana ara-bola ny fambolem-bary sy fiompiana trondro an-tanimbary raha ifotorana ; tsy sarotra ny manao azy ary tsy mampihena fa mampiakatra sy manatsara ny voka-bary aza izany. »

### Atsinanana

## Ray-zanaka : mpiompy trondro roa mifameno

*19 taona Razananirina Fredo. Monina ao Manakana, kaominina Amboditavolo, distrikan'i Vatomandry izy. Ao anatin'ity lahatsoratra ity no hanehoany amintsika ny fiaraha-miasany amin'ny rainy mba hahazoany fahaleovan-tena ara-bola.*

« Tamin'ny 2017, tapa-kevitra aho ny hanamboatra dobo barazy ho ahy, 20 ara ny refiny ankehitriny. Raha atao ny fampitahana, kely kokoa ny an'ny papako ary mirefy 15 ara. Tany am-boalohany, sarotra ny fanatanterahana ny asa satria tsy nisy ny enti-manana ara-bola. Nanamboatra sy nivarotra saribao aho mba hahazoako vola. Vitako ny doboko noho ny tombom-barotra azoko tamin'izany, sy ny tosika ara-tsandry nataon'ny papako. Tanjoko tamin'izay ny hahaleo tena ara-bola manoloana ireo ray aman-dreniko ary ho lasa matihanina amin'ny fiompiana trondro. »




*Fredo eo anoloan'ny dobo baraziny*

### Fifanarahana

« Mikasika ny fandrindrana asa, nisy fifanarahana teo amiko sy ny papako. Izy no miandraikitra ny famokarana zanaka tilapia, indrindra ny karpa, ary izaho kosa no manao ny fanatavizana. Ampiasaina amin'ny fikirakirana araka izany ny dobon'ny papako raha anaovana famokarana kosa ny ahy. Tombananay ny vidin'ny zanatrondrony ka omeko vola mifanaraka amin'izany izy amin'ny fotoana mampatavy ny trondro, na vidiko fotsiny ny zanatrondrony ary ataviziko avy eo. Mbola izy ihany koa no manampy ahy amin'ny fivarotana. »

### Fanitarana

« Ankehitriny, mikasa ny hanitatra ny fiompiana trondro ataonay amin'ny tanimbary izahay, hahafahanay mamokatra amin'ny velaran-tany mitotaly 5 ha eo ho eo izany. Tsy ampy intsony mantsy ny velaran'ny dobo barazinay satria mitombo ny zanatrondro vokarin'ny papako. »

# LOHAHEVITRA : Ny tanora sy ny fiompiana trondro

### Matsiatra Ambony

## Miezaka ho matihanina raha vao vita ny fianarana

*Ratalata Joseph, antsoina hoe « Zefa », 19 taona, dia monina ao Tambohivo, kaominina Androy, distrikan'i Lalangina. Nirotsaka tamin'ny fiompiana trondro izy raha vao nandao ny sekoly, notohanan'ny APDRA teo amin'ny famokarana zanatrondro ary ny CAP Malagasy tamin'ny fampiharana ny fanatavizana.*

Tian'i Zefa ny fiompiana trondro ka nisafidy ny hampihatra ny fanatavizana izy satria efa afaka nanao izany fony mbola nianatra, vokatry ny fampiofanana an-tsekoly nataon'ny APDRA tao amin'ny CEG Alakamisy Ambohimaha tamin'ny 2014. Tamin'ny 2018 taorian'izay no namokarany zanatrondro.

#### Fanatavizana vao famokarana zanatrondro

Ny fanatavizana no nanombohan'i Zefa ny fiompiana trondro tamin'ny 2014, fony mbola nianatra izy. Zanatrondro 100 no nampidiriny ka nahazoany trondro 10 kg. Niakatra tsikelikely ny vokatra azony ka nahatratra 80 kg tamin'ny taom-pamokarana 2016-2017.

Niditra tao anaty fikambanana mpiompy trondro ahitana mpamokatra zanatrondro teo amin'ny tanàna nisy azy i Zefa taty aoriana saingy tsy afa-po : vokatry ny fahavitsian'ny zanatrondro, tsy afaka mividy afa-tsy 30 izy, tsy nahafahany namokatra afa-tsy trondro 10 kg izany, tahaka ny tany ampiandohana. Io olan'ny tsy fahampiana zanatrondro io no nanosika azy hampihatra izany, hampiroborobo ny fiompiana trondro eo amin'ny fokontany misy azy.

Tamin'ny fotoam-pamokarana voalohany, 2018-2019, dia efa nahazo zanatrondro miisa 10 000 tamin'ny renitrondro roa i Zefa. Nihoatra lavitra ny nandrasany io vokatra io ka nahafahany nanatavy zanatrondro miisa 2 000. Naharesy




*Zefa eo am-pametrahana fitaovam-panatodizana trondro*




*Zefa, faly maneho ny vokatra azony*

lahatra tantsaha 13 hiroso amin'ny fampiharana fanatavizana koa izy teo amin'ny fokontany misy azy.

#### Fahombiazana samirery

Tsy nanampy an'i Zefa tamin'ny fanatanterahana ny asa fanatavizana sy famokarana zanatrondro nataony ny ray amandreniny. Navelan'izy ireo hiompiany trondro ny taniny kanefa tsy niditra lalina tamin'ny asa. Izy irery araka izany no nanajary ny dobo fierena sy ireo tahalaka matevina. Teo amin'ny lafiny teknika, notohanan'ireo teknisianin'ny CAP Malagasy sy ny APDRA izy, ary tsy sarotra taminy avy eo ny nampihatra ny torohevitr'izy ireo.

#### Famokarana mitombo vahana

Ankehitriny, nitombo avo telo heny ny isan'ny renitrondro ampiasainy. Manana velaran-tany mirefy 6 ara hitahirizany ray aman-drenitrondro, toeram-pamokarana zanatrondro mirefy 9 m$^2$ ary toeram-panatavizana mirefy 30 ara izy.

Ny vokatra azony no nahatonga ireo ray aman-dreniny hanampy azy hividy fitaovana : fitaovana fampangatsiahana (*glacière*) sy tsilena fitaterana trondro (zanatrondro, ray amandrenitrondro, trondro matavy), harato sy siny hanjonoana.

Kasainy hampiakarina isan-taona ny velaran-tany amokarany mba hahatonga azy ho matihanina amin'ny fiompiana trondro sy ho mpanohana ara-teknika ireo namany any aoriana.

# TARATASIN'NY MPAMAKY

## Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 44

*« Nankaiza ny momba ny fahandroana trondro fa toa tsy nisy tao amin'ny laharana faha-44 ? » Rasoarimalala Yvonne sy Rasoloniaina Marie Noeline* (Ambohimahazo)

- Valin-tenin'ny APDRA : miverina ny momba ny sakafo ato anatin'ity laharana ity, nila toerana hamoahana ny tononkalo nosoratan'ny vehivavy mpamaky iray izahay.

*« Tsara ny vidin'ny trondro ao Tanà miohatra amin'ny aty Fianarantsoa, inona no paikady hanatsarana izany ? »* Rakoto (Isorana)

- Valin-tenin'ny APDRA : Heverinay fa tsara ny mampidina ny fandaniana amin'ny famokarana toy izay mampiakatra ny vidin-trondro. Ambony kokoa ny fahefa-mividin'ny mpanjifa ao Tanà ka izany no mahatonga ny tsy fitoviana.

*« Tiako ny lohahevitra mikasika ny tsena satria io tsena io no miteraka olana ato amin'ny kaominina misy anay. Voatery mivarotra trondro amin'ny vidiny ambany izahay satria vitsy ny mpanjifa. »* Mamitiana (Soatanana)

*« Tokony nozarain'i Angèle Henriette avy ao amin'ny faritra Atsinanana ny teknika fitaterana zanatrondro nahazoany fahombiazana. »* Mamy (Ambalavato)

- Valin-tenin'ny APDRA : hohitanao tsara ao ny teknika nampiasain'i Angèle Henriette hampihenàna ny fahafatesan'ny trondro rehefa mamerina mamaky ilay lahatsoratra.

*« Inona ilay sihanaka ampiasain'i Charles Adam hitondrana trondro sy hitazonana ny kalitaony »* Ravelo (Talata Ampano)

- Valin-tenin'ny APDRA : ny sihanaka dia zavamaniry miaina anaty rano. Azon'ny teknisianina atoro anareo izany, raha misy an-tanànanareo.

*« Mahaliana ilay lahatsoratra maneho ny fitaterana trondro amin'ny bisikileta satria azonay tantsaha ampiharina tsara ary mifanaraka amin'ny zavatra iainanay aty. Avo lenta loatra kosa ilay mahakasika ny faritra Itasy ka tsy azon'ny tantsaha ampiharina. Tokony hahakasika mpiompy trondro tohanan'ny APDRA ihany koa. »* Rakotonirina Rémi (Ambatomanjaka)

- Valin-tenin'ny APDRA : Marina izany, miresaka manokana mpanangona trondro iray izany. Tamin'io lahatsoratra io dia te haneho anareo fomba hafa fitaterana trondro fotsiny izahay.

*« Nahaliana tantsaha maro tao amin'ny faritra ny tabilao maneho ny vidin'ny zanatrondro. Tian'izy ireo raha ampifanarahana amin'ny fivoahan'ny gazety ny fanapariahana izany mba hahamora ny fitantanany ny enti-manana eo am-pelan-tànany. »* Teknisianina (Vakinankaratra)

- Valin-tenin'ny APDRA : azonay atao ny mampifanaraka ny fivoahan'ny vidin'ny zanatrondro amin'ny fivoahan'ny gazety raha efa ananany izany vidiny izany mialohan'ny daty voafaritra hanontàna ny gazety.

# NY METY HO TOETRY NY ANDRO

*Natambatray araka ny antontan'isa nomen'ny sampan-draharaha mpamantatra ny toetr'andro ny vinavinan'ny mety ho toetry ny andro ho an'ny volana janoary hatramin'ny febroary 2020, any amin'ireo faritra iasan'ny APDRA.*

**Vinavinan'ny rotsak'orana (fatran'ny orana milatsaka) isaky ny faritra**

**Fatra voarefy amin'ny milimetatra (mm)**

| Faritra | Janoary 2020 | Febroary 2020 |
|---|---|---|
| **Atsinanana** | Mihoatra ny salan'ny rotsak'orana (sal : 384 mm) | Latsaka be amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal: 465 mm) |
| **Analamanga** | Mihoatra ny salan'ny rotsak'orana (sal : 325 mm) | Mihoatra ny salan'ny rotsak'orana (sal : 255 mm) |
| **Itasy** | Mihoatra ny salan'ny rotsak'orana (sal : 337 mm) | Mihoatra ny salan'ny rotsak'orana (sal : 346 mm) |
| **Vakinankaratra** | Latsaka amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 273 mm) | Mihoatra kely ny salan'ny rotsak'orana (sal : 209 mm) |
| **Amoron'i Mania** | Latsaka amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 289 mm) | Mihoatra kely ny salan'ny rotsak'orana (sal : 208 mm) |
| **Matsiatra Ambony** | Mihoatra ny salan'ny rotsak'orana (sal : 255 mm) | Mihoatra kely ny salan'ny rotsak'orana (sal : 207 mm) |

Sal = salan'ny rotsak'orana ; Mihoatra kely : + 30 ; Latsaka na mihoatra : +/- 50 à 70 mm ; Latsaka be : - 100


**Vinavinan'ny maripana**

Ho an'ny faritra rehetra iasan'ny APDRA, ambony kokoa ny maripana voavinavina mitaha amin'ny salan'ny maripana.

# SAMIHAFA

## RARINTENY

Fenoy amin'ny alalan'ny famaritana etsy ambany ny karakara




1. Entina manovo fahalalana
2. Dingana voalohany amin'ny asa
3. Entina manovo traikefa
4. Fitaizana na famokarana biby
5. Fanefana vola
6. Biby misy kirany miaina anaty rano
7. Tsy be taona niainana

**Valiny :**
1. Fianarana
2. Fanombohana
3. Fiofanana
4. Fiompiana
5. Fandoavana
6. Trondro
7. Tanora




## Bolety trondro

**_Akora ilaina :_**

*Nofon-trondro 2 (500 g eo ho eo)*
*Atody 1*
*Tongolobe 1*
*Tongolo lay vodiny 1*
*Tapa-mofo dipaina maina*
*Ronono na rano, menaka*
*Kotomila, lafarinina*
*Sira, dipoavatra*

**_Fikarakarana_**

1. Alona ao anaty rano kely na ronono ny mofo maina
2. Afangaro ao anaty lovia jobo ny nofon-trondro voatoto sy ny mofo mitsi-drano ary ny atody
3. Arotsaka ny tongolo lay voapotsitra, ny sira, ny dipoavatra, ny tongolobe sy ny kotomila voatetika manify




*Bolety trondro*

4. Afangaro ny akora rehetra mandra-pahazoana paty mitambatra tsara
5. Mamolavola bolety amin'ny alalan'ilay paty mialohan' ny hamonosana azy lafarinina
6. Arotsaka moramora ao anaty menaka mafana ny bolety, avela hahazo loko vao esorina

Mazotoa homana ô !

APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

*Talen'ny Famoahana*
Barbara Bentz
*Tonian'ny Fanoratana*
Sidonie Rasoarimalala
*Mpanoratra*
Zo L. Andry Manampisoa
Dieu Donné Rakotondravola
Victoriste J. B. Rasolofoniaina
Rosalie Razafimatoa
Tojomalala T. Razafindrakoto